62 TAONA NY REPOBLIKA MALAGASY

Voahosihosy ny sata Repoblikana

Ny 14 Oktobra 1958, no nambara ny fijoroan'ny Repoblika Malagasy, nisy ny fitsapankevi-bahoaka nampanaovin'ny fitondrana frantsay ny 28 Septambra 1958, nasaina novalian'ny vahoaka malagasy tamin' ny "eny " na "tsia ", ny fanontaniana manao hoe: " Ekenao ve ny Repoblika ao anatin'ny firaisambe frantsay", nandresy ny eny, ka dia nambara fa tafajoro ny Repoblika Malagasy ny 14 Oktobra 1958, tao amin'ny Amphitheatre Lycée Galieni Andohalo no nanambarana izany ary teo amin'ny Kianjan' Andohalo no naorina ny Tsangambaton'ny Repoblika Voalohany.

Tsy ivalamparana ny tantara, fa ny azo lazaina dia nijoro roa taona nialohan'ny niverenan'ny fahaleovantena ny repoblika ho antsika Malagasy, izay midika fa fanjakana repoblikana no misy eto, ka mpitondra voafidimbahoaka no hitantana ny firenena fa tsy mpanjaka .

Ny mampiavaka ny repoblika dia ny hirampirenena, ny sainampirenena, ny teny filamatra, ny renivohi-pirenena , ny fitombokasem-pirenena, voarakitra ao amin'ny lalampanorenana avokoa ireo voalaza ireo .

Efa eo amin'ny repoblika fahaefatra isika izao, ny filoha amin'izao fotoana izao no nampandany ny lalampanorenan'ny repoblika fahaefatra, toy ny tamin'ireo repoblika nifandimby dia tsy niova ny sainampirenena, ny hiram- pirenena, ny renivohi-pirenena, fa ny ankoatr'ireo dia nisy ny fiovana araka ny laharan'ilay repoblika.

Ho an'ity Repoblika fahaefatra ity dia tsy ao amin'ny teny filamatra intsony ny teny hoe "fahafahana", tsy mahagaga raha tsy miaina amin'izany ny vahoaka malagasy, nosoloina ny " fitiavana", ka ny mampieritreritra, fitiavana inona no tiana ahatongavana? ilay fitiavana avy amin'Andriamanitra ve? sa kosa ilay karazam-pitiavana fahita any amin'ny " boite de nuit" satria mpikosoka kapila ilay nampandany ny lalampanorenana ? ny tsirairay no mahalala ny valiny.

Tamin'ny 11 Desambra 2O1O no nijoro ny repoblika fahaefatra, ny nahatsikaiky dia niakatra teny Anatirova Ingahy Filoha mivady ary nanao fitafy miendrika mpanjaka , ireo mpitandro filaminana dia niakanjo ireo fitafin'ny miaramila tamin'ny faha-Mpanjaka, kanefa dia repoblika no najoro fa tsy fanamasinana mpanjaka.

Tamin'ny fandalovan'Ingahy Filoha tany amin'ny faritra atsimo dia niarahanahita ny tsy fifehezan'ity tompon'andraikitra voalohany eto amin'ny firenena ity ny hirampirenena, ny tena mampalahelo sy mampisitri-belona dia ny fanazimbazimbany ilay hira mampiavaka ny repoblika.

Fa araka ny nambaran'Ingahy Filoha dia tokony hankalazaina ny 14 Oktobra 2020, ny tsingerintaona faha60 niverenan' ny fahaleovantena, saingy tsy nisy indray izany, fa ny any amin'ny faritra Sofia niavian'ny Filoha Philibert Tsiranana ihany no misy ny lanonana.

Ny filohan'ny repoblika dia mbola toy ny ao anatin'ny fampielezankevitra hatrany, tsy dia mitandro loatra izay anton'ny fankalazana, fa ny mahamaika azy dia ny manao lanonana sitrany ahay hisy isehoana, satria ny fomba fitantanan'Ingahy floha ny firenena dia mifanipaka be amin'ny fomba repoblikana, izay manome lanja ny fifidianana, kanefa dia niaraha-nahita ny hosoka tamin'ny lisi-pifidianana namoahan'Andriamatoa Thierry Rakoto- narivo ny marina, tsy misy tohiny ny mikasika io fahotana goavana manosihosy ny sata repoblikana io, izao indray dia ho tanterahina amin'ny 11 Desambra 2020 ny fifidianana loholona, izay marihana fa sarintsarimpifidianana ihany, satria ireo matahotra ny tena fifidianana madio no handray anjara, tsy iza fa ireo tsy sahy misedra ny safidim-bahoaka amin'ny fifidianana ireo solontena any amin'ny faritra sy ny faritany. Ny tsy azon'ny saina inoana anefa dia tsy tahotra tsy henatra, fa hitsidika any amin'ny faritra niavian'ny Filoha Philibert Tsiranana Ingahy Rajoelina , hankalaza ny 14 Oktobra sady hanararaotra hanao fampielezankevitra ihany koa, kanefa ny Antoko PSD naorin'ny Filoha Tsirana-na ary ny zafiny Eliane Bezaza no mitarika izany antoko manantantara izany ankehitriny, ity antoko ity izay tsy handray anjara amin'ilay fifidianana, tsy handrotsaka olona ho fidiana ary tsy handeha hifidy ihany koa ireo olomboafidy PSD.

Feno 62 taona ny nisian' ny repoblika teto amintsika, eo amin'ny Repoblika fahaefatra isika izao, filohampirenena voafidimbahoaka 7 no efa nitondra teto amintsika, ary fitsapankevi-bahoaka 8 no efa natrehan'ny vahoaka Malagasy, ka nandresy hatrany ny "eny", fa asa raha mbola hisy ny fanintsiviny , dia asa koa raha mbola handresy hatrany ny "eny". Fa eto ampamaranana dia tsy takona afenina toy ny tafika andrefantanàna, fa voahitsakitsaka an-tampon'ny loha ny hasin'ny repoblika vokatry ny ataon'ny fitondrana, izay manao tsinontsinona ny lanjan'ny fifidianana amin'ny alalan'ny tsy fanarahan-dalàna, ny antony dia tsotra ny valiny: matahotra fifidianana madio sy tsy te hiatrika ny tena safidim-bahoaka ny mpitondra.

Ny Valosoa

Fiarahana amin'i Vatovavy

Mbola mitohy ny tolona ataon'ny any Ikongo

Fiarahan'ny distrikan'Ikongo amin'ny faritra Vatovavy, mbola mitohy ny tolona amin'izao fotoana ataon'ny any an-toerana araka ny vaovao voaray. Arak 'izany, misy ary mbola mijoro ireo tsy manaiky ny hiarahan'ity distrika ity amin'ny faritra Fitovinany. Araka ny vaovao azo avy any Ikongo, sy avy amin'ny zanak'Ampielezan'ity distrika ity, tsy hilavo levona izy ireo na efa nambara tany Manakara, niaraka tamin'ny filoha Rajoelina aza, fa hiaraka amin'i Fitovinany Ikongo, izany hoe, ny faritra Fitovinany atsy ho atsy dia hahitana an'i Manakara, Vohipeno ary Ikongo, ary ny faritra Vatovavy dia hahitana an'i Manandjary, Nosy-Varika ary Ifanadiana. Mbola handalo any amin'ireo andrim-panjakana mpanao lalàna dia ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona izany volavolan-dalàna hanaovana an'Ikongo ho any Fitovinany izany, mbola handalo eny amin'ny HCC, na ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana ihany koa, ka mbola tsy kivy ireo mitana an'Ikongo ho any Vatovavy, anisan'izany ny depiote any amin'ity distrika ity, sady filoha lefitry ny Antenimierampirenena Razafitsiandraofa Brunel. Mbola ho tantara mitohy arak'izany ity resaka faritra faha-23 ity.

Stefa

Gaby Vakiniadiana

Fanjakana tsy refesi-mandidy no misy eto

Hentitra i Gaby Vakiniadiana raha naneho ny heviny tamin'ny mpanao gazety omaly. Fanjakana tsy refesi-mandidy no misy eto hoy izy satria izay tian'ny fanjakana atao ihany no ataony. Santionany amin'izany hoy izy ny tsy nandraisan'ny mpanohitra anjara amin'ny fifidianana loholona amin'ny 11 desambra ho avy izao. Nanamafy mantsy ny antoko Tim, ny Hvm ary ireo antoko mpanohitra samihafa fa tsy handray anjara mihitsy amin'io fifidianana loholona io satria tsy manaradalàna io. Mbola nisisika ihany anefa ny mpitondra na dia tsy nisy afa-tsy antoko mpomba ny fitondrana aza no misy. Mbola nohamafisiny ihany koa fa tokony ho fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina tsy mbola vita aloha no tokony hatao, vao miroso amin'izany fifidianana loholona izany . Ny antoko Tim dia nandefa taratasy mihitsy ho fampahafantarana ireo mpikambana Tim toy ny ben'ny tanàna sy ny mpanolotsaina mba tsy handray anjara amin'izany fifidianana izany satria misy ben'ny tanàna avy any amin'ny distrikan' Andramasina sy mpanolotsaina vitsivitsy, no nilaza fa hanohana ny Ird amin'ny fifidianana loholona eo. Ho hentitra arak'izany ny Tim ary tompon'andraikitra amin'izay ataony izy raha ny nambaran'ny solombavam-bahoaka Hanitra Razafimanantsoa.

Rajo

Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao :

fijaliana no mahazo antsika malagasy raha tia tena, sy adalam-bola, sy tia risoriso ary tsy mijery ny firenena, na hiasa marina ho an'ny tanindrazana ary mijery ny mahantra na mitsara vilana na manao ny kely tsy mba mamindro, ka na ny mpitsara na Hcc na avocat na Bianco na gendarme na polisy na miaramila indrindra fa ny mpitondra dia voalohany ny vahiny karana sy ny vazaha sy ny sinoa ary ny comorien sy ny mauricien, sns… Ny tanjona amiko dia ny hampandroso ny firenena hampianatra tsara ny ankizy sy ny tanora ny fahaizana mitsabo, ny mianatra technologie, ny manao innovation crée zava-baovao, manome fitaovana ho an'ny tantsaha : ny mpamboly sy ny mpiompy. Ny transports tokony ho mora, ny lalana ilaina vita goudronnée daholo, ny fikojakojana ny tontolo iainana, ny fikarakarana ny ala, ny ananan'ny tokantrano tsirairay avy jiro sy rano. Jereo ireo any @ sud tsy misy mirahara, ireny Ny Rado Rafalimanana nizara entana sy sakafo gadraina, ka tsy misy olona sahy manampy intsony raha gadraina. Tokony hifanampy isika malagasy, fa tsy hifanenjika dia mijery ny adalan'i Andry sy Naina daholo. Tsy misy sahy mitsangana sy miteny, ampidirina daholo ny fatim-bahiny rehetra izao afaka mitrandraka harenan'ny tany nefa ny malagasy tsy mahazo, fa tonga dia gadraina. Lasa adala ny malagasy raha io fitondrana io foana no eo, fa tsy hoe resaka intelligent ou intellectuelle : kere sy mosary daholo ny malagasy ,
tsy misy manana ny ampy fa sambatra izay mifanampy.

Christian Rasolofoson
Ambondrona Antananarivo

Ny Valosoa sy fakafaka

Fahaiza-mitarika (leadership)

Nomen-dRavalo lanja, lesoky ny fitondrana Rajoelina

Resaka mipoitra matetika eny anivon'ny fiaraha-monina, na ny fiainana andavanandro, ny fomba fitondran'ny mpitondra ankehitriny ny vahoaka sy ny firenena. Tsy hitan'ny vahoaka mazava mantsy izay tena lalan-kizoran'ny firenena fa toy ny mpitondra « mitsatsaingoka ho vantony » fotsiny ihany no mitarika azy. Niharihary izany, indrindra fa tato anatin'ny fito volana nidiran-kizo tamin'ny fihanaky ny valanaretina covid-19. Nidedahana ny olana tsy voavahan'ny fitondrana teo aloha, nilazana tamin'ny vahoaka fa izy no hitondra ny vahaolana ary ao anaty fotoana fohy. Iaraha-mahita tsara anefa, fa resabe izany, raha tsy hilaza afa-tsy ny fahatapatapahan'ny jiro lava isan'andro izay mbola misy ihany 22 volana aty aoriana ny nitondrany; sy ny olana momba ny famatsiana rano madio fisotro mampijaly ny mponina maro. Ilay fanamafisana ny fampiraisankinan'ny vahoaka andrasana amin'ny fitondrana toy ny natao tari-drano ankilahila, an-tsirambina no betsaka. Ohatra miharihary amin'izany koa ny fomba fiasa tamin'ny fizarana fanampiana ara-tsosialin'ny mponina ho fanohanana amin'ny krizy vokatry ny fepetra amin'ny hamehana ara-pahasalamana ihany. Ho raharaha sarotra ny famerenana ny fanamafisana indray izany sy indrindra raha amin'ny fanaingàna hiara-hientana. Lesoka amin'ny fahaizana mitarika vahoaka, na "leadership" izany rehetra izany. Eo indrindra no hahatsiarovana ny zava-bita tsara iray nataon'ny filoha Ravalomanana Marc. Mampiavaka azy rehefa manao zavatra dia manao tsara fa tsy alasafay na zara fa manao sy manao tsy hahavita. Niaraha-nahita ireo zava-bitany tamin'ny nitondrany. Anisan'ny iray lehibe nanamarika ny nitondrany ny amin'ny fanomezan-danja ny fanofanana ho amin'ny fahaiza-mitarika, na haitarika, na « leadership ». Nomen-danja ambony sy toerana manokana mihitsy izany teny amin'ny lapam-panjakana lavoloha. Nisy ny trano lehibe nomena anarana mihitsy ho amin'izany fotsiny, dia ny NLIM: National Leadership Institute of Madagascar. Teo ireo mpampiofana manana diplôma ambony amin'izany, nizara ny fahaizana sy ny traikefany. Sokajin'olona maro, tomponandraikitra maro samihafa nanerana ny Nosy manontolo mihitsy no nomena fiofanana tamin'izany. Ny tomponandraiki-panjakana ambony, ka hatrany ifotony toy ny sefo fokontany no nisitraka izany. Tena tsy nisy mpitondra nahavita toy izany. Tombontsoa lehibe no azo tamin'izany ary nisy fiantraikany tany amin'ny fiainam-bahoaka sy ny fomba fiheverana na fisainana. Raha nisy fitohizana fotoana naharitraritra izany efa hafa i Madagasikara sy ny vahoaka Malagasy toy izao. Saingy ireny nosomparana olom-bitsy mpandrombaka fahefana ireny izany zava-tsoa izany. Ny mpitondra izay nanao io fomba fiasa io teto amin'izao tontolo izao, dia tena nahavita nampandroso sy nampisandratra ny fireneny.

Ny firenena mila olona maro manana fahaiza-mitarika, na "leadership" amin'izao fotoana izao. Misy fahabangana sy lesoka lehibe io ankehitriny eo amin' ny fitantanam-pirenena miainga any ambony ka hatrany ifotony. Tsy lavina, mety hisy hanana diplôma amin'izany ihany ny eo anivon'ny fitondrana, saingy mijanona ho diplôma fe diplôma izany, fa ny fampiharana tsy hita mivaingana. Fandrefesana izany, dia tsotra, amin'ny alalan'ny fijerena ny fihetsiky ny vahoaka rehetra amin'ireo asa na tetikasa ataon'ny fitondrana ao anatin'izao fe-potoana iasany izao.

Sôh'son